Olomangan'i Madagasikara (tohiny)

- **Andriambelonatara Jacob Emilien Raphael** dia mpanao gazety teraka tamin'ny taona 1941. Anisan'ny mpano gazety voalohany nanolotra ny vaovao amin'ny teny frantsay tao amin'ny Televiziona Malagasy tamin'ny taona 1967. Avy eo dia nanao gazety tao amin'ny *Courrier de Madagascar* izy ary lasa Talen'ny *Madagascar Matin* tamin'ny taona 1975 ka hatramin'ny taona 1988 ary *Journal de Madagascar* 1990-1994. Nanorina ny *Lettre Confidentielle de Madagascar* ary nanoratra tao amin'ny *L'observateur*. Nodimandry tamin'ny 02 febroary 2020 teo tao Antananarivo izy.

-**Andry Suzy** na Ravaonirina Georgine Suzanne dia poeta sy mpanoratra teraka tamin'ny 09 jolay 1909 tao Avaratr'Anjoma Antananarivo . Anisan'ny nanangana ny fikambanan'ny mpanoratra UPEM izy. Tamin'ny taona 1926 izy no voalaza fa nanomboka nanoratra tanatara sy namoaka lahatsoratra an-gazety sy Revio maro. Lehiben'ny fanoratana tao amin'ny Revio *Tatamo* ary nanoratra tao amin'ny gazety *Sakafontsaina* sy *Madagascar Matin*. Tamin'nytaona 1946 dia nanoratra ilay tantara mitondra ny lohateny hoe *Rak*itry *ny fony*. Nanoratra tononkalo maro koa izy toy ny hoe *Ny fireneko*, *Ny tanindrazako*, *Ny maha Malagasy* sy ny sisa. Namoron-kiram-pivavahana prôtestanta koa izy. Nodimandry tamin'ny taona 1991 tao Antananarivo izy.

- **Cespedes (Alfred de)** dia Talen'ny Ecole Régionale tao Maroantsatra izay teraka tany La Réunion tamin'ny taona 1877. Mpikambana tao amin'ny Akademia Malagasy izy ary nanao fikarohana momba ny harena an-kibon'ny tany eto madagasikara. Namoaka lahatsoratra tao amin'ny *Bulletin de l' Académie Malgache* izy ary tao amin'ny *Bulletin Economique* sy ny *Bulletin Officiel de la Direction de l' Enseignement*. Nodimandry tamin'ny taona 1934 izy.

- **Guyader André Alexandre** dia mpitolona sindikaly teraka tamin'ny 30 novambra 1897 tany Paris. Niasa tao amin'ny Imprimerie Officielle tao Antananarivo izy ary nanangana ny sindika tao . Nanorina ny atao hoe « Cercles d'étude marxiste » izay nisy ny Filoha Tsiranana Philibert izy. Nodimandry tamin'ny 12 mey 1949 tany Frantsa izy.

-**Rajesitera William** dia mpanao sary sy mpanoratra tononkalo teraka tamin'ny taona 1913 tao Ambilobe . Anisan'ny sary nataony ny hoe *Maty Masoandro* sy ny

Any Aminay. Fa nanoratra boky toy ny hoe *Fruits verts*, *Je ne savais pas* , *Le sangsue* izay nahazo ny « prix Takariva ». Maty tamin'ny 20 mey 1980 tao Antananarivo izy.

- **Rajohnson Emile** dia mpitandrina sy mpanoratra teraka tamin'ny 4 jolay 1989 tao Antananarivo. Anisan'ny niady ny hitsangan'ny Fiangonana tena Malagasy Tranozozoro izy. Nanoratra tantara an-tsehatra maro ho an'ny tanora izy hanohanana io Fiangonana Tranozozoro io. Nodimandry tamin'ny 16 mey 1948 izy. Nampitondraina ny anarany ny Lalana iray ao Tsaralalana.

Profesora Henri Rasamoelina

(hitohy)